# “Izay nanadino hoe izy mifehy ka tafihinana sy tafisotro, dia aoka izy hanohy ny fifehezany satria i Allah no nampihinana sy nampisotro azy”

Tatitra azo avy amin'i Abo Horaira (R.A), Niteny ny Mpaminany (Ş.A.W) manao hoe : “Izay nanadino hoe izy mifehy ka tafihinana sy tafisotro, dia aoka izy hanohy ny fifehezany satria i Allah no nampihinana sy nampisotro azy”.
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nanambara ny Mpaminany (S.A.W) fa izay nihinana na nisotro amin'ny fanadinoana eo ampanaovana ny fifehezana tsy maintsy atao na an-tsitrapo, dia aoka izy hanohy ny fifehezana ary tsy hanapaka izany. Satria tsy nikasa ny hanapaka ny fifehezana izy, fa io dia làlana nitondran’I Allah azy ka nampisakafoiny sy nampisotroiny.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/4525